


## MANEHO NY FIARAHABANA AVY ATY

# Mexique!

Firenena iray ao Amerika Avaratra i Mexique. Eo ho eo amin'ny 126 tapitrisa ny isan'ny olona ao aminy.





*Miaraha amin'i Margo sy i Paolo eo am-pitetezan'izy ireo an'izao tontolo izao mba hahafantarana momba ireo zanak' Andriamanitra.*



**KOLONTSAINA FAHINY**
Ahitana trano maro namboarin'ny olona fahiny ao Mexique. Isan-taona dia olona an-tapitrisany no mitsidika ity Piramida Maya any Chichen Itza ao amin'ny faritanin'i Yucatán ity.

**TEMPOLY MARO**
Manana tempoly voatokana miisa 13 i Mexique, ary misy hafa ankoatra izany efa an-dalana. Nitsidika ny tempoly tany Veracruz ity zazalahy ity.






**MIARAKA MIVORY**
Trano Fiangonana ao Mexique ity. Manana mpikambana'ny Fiangonana efa ho 1,5 tapitrisa i Mexique, ny faharoa amin'ny betsaka indrindra amin'ny firenena maneran-tany!



**BAILE FOLKLÓRICO (VAKODRAZANA)**
Maro amin'ny faritra ao Mexique no manana ny karazana hira sy dihy ary fomba fitafy mampiavaka azy manokana. Ity zazavavy ity dia manao fitafin-drazana avy ao Chiapas.

**ODY AMBAVAFO MATSIRO**
Ny "Guacamole" dia saosy vita amin'ny zavoka. Hanin'ny olona amin'ny Tacos, na amin'ny salady, na miaraka amin'ny sipsa vita amin'ny katsaka izany. ¡*Delicioso*!



SARY NATAON'I KATIE MCDEE; SARINA TRANO FIANGONANA NALAIN'I RACHAEL HESLINGTON